“Raha misy aminareo mahita nofy izay tiany, dia avy amin’I Allah izany, koa aoka izy hidera an’I Allah sy hiresaka momba izany, ary raha mahita zavatra hafa tsy tiany izy, dia avy amin’i Satana izany, koa aoka izy mitady fialofana amin’ny faharatsiany, ary aoka tsy hilaza izany na amin’iza na amin’iza, fa tsy hanisy ratsy azy izany.”

Tatitra azo avy tamin'i Abo Saï'd Al-Khodory (R.A) niteny : Izaho naheno an'ny Irak'Allah (S.A.W) niteny manao hoe : “Raha misy aminareo mahita nofy izay tiany, dia avy amin’I Allah izany, koa aoka izy hidera an’I Allah sy hiresaka momba izany, ary raha mahita zavatra hafa tsy tiany izy, dia avy amin’i Satana izany, koa aoka izy mitady fialofana amin’ny faharatsiany, ary aoka tsy hilaza izany na amin’iza na amin’iza, fa tsy hanisy ratsy azy izany.”

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari]

Nambaran'ny Mpaminany (S.A.W) fa ny nofy tsara sy mahafaly amin'ny torimaso dia avy amin'I Allah, ary nanoro hevitra izy mba hisaotra an'I Allah noho izany, ary hampahafantatra izany, ary raha hitany izay halany sy mampalahelo dia avy amin'i Satana izany. Koa aoka izy hitady fiarovana amin’I Allah amin’ny faharatsiany, ary aza milaza izany amin’iza na iza. Tsy hanisy ratsy azy izany, satria nataon’I Allah ho fiarovana amin’ny loza ateraky ny nofy ilay voalaza.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/3285